



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

Fa katsaho aloha ny Fanjakany sy ny Fahamarinany dia hanampy ho anareo izany rehetra izany - Recherchez d'abord le Royaume et la Justice de Dieu et tout cela vous sera donné en plus (Mat. 6, 33)

Alatsinainy 11 mey 2020
Lundi 11 mai 2020

FANOMBOHANA - OUVERTURE

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Lio. (Luc) 12, 32 :

32 Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana.

32 N'aie pas peur, petit troupeau, car votre Père a trouvé bon de vous donner le royaume.

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Chant) chorale : Katsaho aloha NA ho fidian'ny AMF azafady indrindra tompoko Teny fampidirana – Introduction

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Lio. (Luc) 12, 30-32 :

30 Fa ny jentilisa amin'izao tontolo izao dia fatra-pitady izany rehetra izany fa ny Rainareo mahalala fa tokony ho anareo izany zavatra izany. 31 Kanefa katsaho ny Fanjakany dia hanampy ho anareo izany zavatra izany. 32 Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana.

30 En effet, tout cela, ce sont les membres des autres peuples du monde qui le recherchent. Votre Père sait que vous en avez besoin. 31 Recherchez plutôt le Royaume

de Dieu et [tout] cela vous sera donné en plus. 32 N'aie pas peur, petit troupeau, car votre Père a trouvé bon de vous donner le royaume.

Toriteny 1 : – Prédication 1 : Aza matahotra, ry ondry vitsy – N'ayez pas peur, petit troupeau :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison : mba – pour que :

- ho an'ny ankohonana - *pour le foyer* : mba – pour que :
- ho an'ny fianakaviana lavitra – *pour la famille éloignée* : mba – pour que :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 552 (mitovy feo amin'ny Hira 376 Mpanota ory sy mahantra), 2-3 : Ry foko ô, mba atolory :

2. Andriamanitra mahita
Izay hahasambatra anao,
Ka Izy no mahay mamita
Izay zava-tsarotra aminao
Tsy hotsitsiny aminao
Izay mety hahasoa anao.
3. Ka aza kivy, ry mahantra,
Na ory aza ianao,
Fa matokia ny Mpiantra,
Izay tsy mahafovy anao.
Ny amboariny izao
Dia Famonjena ho anao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Lio. (Luc) 12, 33-34 :

33 Amidio ny fanananareo ka manaova fiantrana. Manaova kitapom-bola tsy mety ho tonta ho anareo, dia harena any an-danitra tsy mety ho lany izay tsy azon'ny mpangalatra sady tsy misy kalalao manimba. 34 Fa izay itoeran'ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo.

33 Vendez ce que vous possédez et faites don de l'argent. Faites-vous des bourses qui ne s'usent pas, un trésor inépuisable dans le ciel, où le voleur n'approche pas et où la mite ne détruit pas. 34 En effet, là où est votre trésor, là aussi sera votre coeur.

Toriteny 2 : – Prédication 2 : Miharia harena any an-danitra - Amasser un trésor céleste :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison : mba – pour que :

- ho an'ny marary - *pour les malades* : mba – pour que :

- ho an'ny mpitsabo – *pour les soignants* : mba – pour que :
- ho an'ny namoy havan-tiana - *pour ceux qui ont perdu un être cher* : mba – pour que :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 648, 1-2 : Miambena izao, ry fanahiko :

1. Miambèna izao, ry fanahiko !
Misy rafinao misaina
Hanangoly ny malaina
Be ny fandrika voavelatra.
2. Miambena izao, ry fanahiko !
Mba tsy ho andevon'ota,
Na ho taomin'ny mpanota
Mivavaha izao, ry fanahiko !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Lio. (Luc) 12, 35-38 :

35 Aoka hisikina ny valahanareo sy hirehitra ny jironareo. 36 Ary aoka ianareo ho tahaka ny olona izay miandry ny tonpony : raha mody avy amin'ny fampakaram-bady izy, ka nony tonga sy mandôndôna izy, dia vohany miaraka amin'izay. 37 Sambatra ny mpanompo izay ho hitan'ny tompony miambina raha avy izy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa hisikina ny tompony, dia hampipetraka azy hihinana, dia ho avy ka hanompo azy. 38 Ary na avy amin'ny fiambenana faharoa amin'ny alina izy, na avy amin'ny fiambenana fahatelo, ka mahita toy izany, dia sambatra ireo mpanompo ireo.

35 Mettez une ceinture à votre taille et tenez vos lampes allumées. 36 Soyez comme des hommes qui attendent que leur maître revienne des noces, afin de lui ouvrir dès qu'il arrivera et frappera. 37 Heureux ces serviteurs que le maître, à son arrivée, trouvera éveillés ! Je vous le dis en vérité, il mettra sa ceinture, les fera prendre place à table et s'approchera pour les servir. 38 Qu'il arrive au milieu ou vers la fin de la nuit, heureux sont ces serviteurs, s'il les trouve éveillés !

Toriteny 3 : – Prédication 3 : Ny mpanompo miambina - Les serviteurs vigilants :

Vavaka any an-tokan-trano– Prière à la maison :

- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise* : mba – pour que :
- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs* : mba – pour que :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 632, 1 sy 4 : Ampianaro aho, Tompo, mba hiambina :

1. Ampianaro aho, Tompo, mba hiambina !

- Mandalo tahaka ny rivotra ny androko.
Ka mihalany isan'andro, isan'alina,
Ambara-pahatapitry ny fe-potoako.
4. Tsy manam-panorenana aty ny heriko,
Mihelina ka tsy mba hita ny alehany.
Malaky tahaka ny tselatra ny androkô,
Ka tsy miatoato ao am-pandehananany.

FIZARANA 4 – PARTIE 4

Teksta 4 – Texte 4 : Lio. (Luc) 12, 39-40 :

39 Ary fantaro izao, fa raha fantatry ny tompon-trano izay ora hihavian'ny mpangalatra, dia ho niambina izy ka tsy namela ny tranony hotamina. 40 Dia miomàna koa ianareo fa ho avy ny Zanak'olona amin'izay ora tsy ampoizinareo ».

39 Vous le savez bien, si le maître de la maison connaissait l'heure à laquelle le voleur doit venir, il resterait éveillé et ne laisserait pas percer les murs de sa maison. 40 Vous [donc] aussi, tenez-vous prêts, car le Fils de l'homme viendra à l'heure où vous n'y penserez pas ».

Toriteny 4 : – Prédication 4 : Ny tompon-trano miambina - Le maître de maison vigilant :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny mpitondra antsika – *pour nos dirigeants* : mba – pour que :
- ho an'ny mpampiasa antsika – *pour nos employeurs* : mba – pour que :
- ho an'ny mpitandro filaminana – *pour les forces de l'ordre* : mba – pour que :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) : 631, 1-2 : Ry Jesosy, Tompo tsara :

1. Ry Jesosy, Tompo tsara, ry Mpamonjy ô !
Sambatra aho, mananjara : manana Anao
Fa na maro ny mpandrafy ta-hamely ahy mafy,
Ianao mahay manafy Hery ny Anao.
2. Be ny manodidina ahy efa lasana.
Manakaiky mampanahy re ny fasana.
Nefa, ry Mpamonjy soa, tena sitrakao tokoa
Ny hitantana ahy koa ao an-dàlana.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :-

Teksta – Texte : Heb. 10, 35-39 :

35 Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe. 36 Fa tokony hanana faharetana ianareo mba hahazoanareo izay lazain'ny Teny Fikasana, rehefa vitanareo ny Sitrapon'Andriamanitra. 37 Fa rehefa afaka kelikely, dia ho tonga ilay ho avy, fa tsy hitaredretra. 38 « Ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana, fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko » (Hab. 2, 3.4). 39 Fa isika tsy mba naman'izay mihemotra ho amin'ny fahaverezana, fa naman'izay mino ho amin'ny Famonjena ny fanahy. Amen !

35 N'abandonnez donc pas votre assurance qui est porteuse d'une grande récompense. 36 Oui, vous avez besoin de persévérance pour accomplir la Volonté de Dieu et obtenir ainsi ce qui vous est promis. 37 Encore bien peu, bien peu de temps, et Celui qui doit venir viendra, Il ne tardera pas. 38 « Et le juste vivra par la foi, mais s'il revient en arrière, Je ne prends pas plaisir en lui ». 39 Quant à nous, nous ne faisons pas partie de ceux qui reviennent en arrière pour leur perte, mais de ceux qui ont la foi pour le salut de leur âme.

Hira (Cantique) : 631, 3 : Ry Jesosy, Tompo tsara :

3. Eny, izaho manantena, ry Mpamonjy ô,
Fa hahazo Famonjena any Aminao.
Raha hilaozako ny tany, izaho tsy mba hitomany,
Fa hiakatra hankany anatrehanao.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Hira (Chant) AMF [ho fidian'ny AMF azafady indrindra tompoko]

Tso-drano - Bénédiction : 2 Tes. 3, 16 :

Ary ny Tompon'ny Fiadanana anie hanome anareo Fiadanana mandrakariva amin'ny zavatra rehetra ! Ho aminareo rehetra anie ny Tompo ! Amen ! - *Que le Seigneur de la*

Paix vous donne, Lui-même, la Paix en tout temps et de toute manière ! Que le Seigneur soit avec vous tous ! Amen !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*